Communiqé de presse
de l'Ambassade des Etats-Unis

14-16 rue Rainitovo, Antsahavola, Antananarivo 101 – Madagascar - Tel.: 261 20 22 212 57

# Fifaninanana horonan-tsary fohy momba ny demokrasia

Misokatra ny Fifaninanana horonan-tsary fohy momba ny demokrasia iarahan'ny Masoivohon'i Etazonia eto Antananarivo mikarakara miaraka amin'ny Ministeran'ny Tanora, Fanatanjahan-tena sy Kolotsaina.

Ho fanamarihana ny Andro Iraisam-pirenena ho an'ny Demokrasia, izay sambany ankalazaina ao anivon'ny Firenena Mikambana, ny Alatsinainy 15 Septembra, 2008, dia manambara ny Masoivohon'i Etazonia fa misokatra ny Fifaninanana Raki-tsary momba ny Demokrasia, izay karakarainy miaraka amin'ny Ministeran'ny Tanora, Fanatanjahan-tena sy Kolotsaina, natao hampiroboroboana ny fifanakalozan-kevitra maneran-tany momba ny demokrasia; ka anentanana ireo mpanatontosa raki-tsary vao misondrotra, ireo mpiahy ny demokrasia, ny tanora ary ny olom-pirenena hafa rehetra hamokatra raki-tsary fohy izay manohy izao fehezan-teny izao "*Ny demokrasia dia* …"

Firenena maherin'ny 70, anisan'izany i Madagasikara, no nanamafy ny fahavononany handray anjara. Nisy ny lanonana fanokafana notontosaina ny 15 Septembra teo tao amin'ny birao foiben'ny Firenena Mikambana ao New York, ka natrehan'ny Sekretera Lefitra misahana ny Departemantam-panjakana Amerikana sy solotena ambony maro avy amin'ireo fikambanana rehetra miara-misalahy amin'ity fifaninanana ity.

Manomboka anio ka hatramin'ny 31 Janoary 2009 no fandraisana ny raki-tsary. Mandritra ny volana Febroary – Martsa 2009 dia misy ny mpitsara eto an-toerana hifidy ireo raki-tsary Malagasy hitany fa mendrika indrindra ary handefa izany miaraka amin'ireo raki-tsary hafa hiatrika ny manasa-dàlana avy aty amin'ny faritra. Fifidianana ataon'ny besinimaro amin'ny alàlan'ny Internet no hamaritra ny anaran'ireo hibata ny fandresena isaky ny faritra, ary ny volana Jona 2009 no hampahafantarina ny besinimaro ny anaran'izy ireo. Mpandresy iray isaky ny faritra miisa enina no hofidiana, ka hiantohana manontolo izay ho lany amin'ny dian'izy ireo ho any Etazonia, ka anisan'ny hataony mandritra izany dia izany ny fijerena ny raki-tsary novokarin'izy ireo any New York, Hollywood ary any Washington; ny fihaonana amin'ny mpanatontosa horonan-tsary sy ny manam-pahefana sivily ary ireo mpiahy ny demokrasia avy amin'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana; ary resadresaka amin'ny trano mpamokatra horonan-tsary sy fahitalavitra.

YouTube no miantoka ny fitaovana hanapariahana ireo raki-tsary hifaninana. Anisan'ny miara-misalahy amin'ny fanatontosana izao fifaninanana izao ny Departemantam-panjakana Amerikana, ireo fikambanana misahana ny demokrasia sy ny tanora, ny vondrona akademika ary ny tontolon'ny fampahalalam-baovao, ny tantara an-tsary ary ny fialam-boly. Izay mila fanazavana fanampiny mikasika ny Fifaninanana Raki-tsary momba ny Demokrasia, dia afaka manontany ny: Section des Affaires Publiques ao amin'ny Masoivohon'i Etazonia eto Antananarivo, ao amin'ny 22-212-57 na amin'ny alàlan'ny mailaka: PASAntan@State.gov na mitsidika ny tranon-kala ofisialy: www.youtube.com/democracychallenge.